Collectif des Citoyens d'Origine Malagasy Monde (p. 2)

**Hanaraka ny raharaha Romy Voos mivantana any Londres**

Lalana Andramasina, Ambohimiadana, Alatsinainy Bakaro (p. 7)

**Terena handoa vola 50.000 Ar isaky ny fiara ireo mpitatitra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 29 aogositra 2023 — Laharana 1466 — Vidiny : 600 Ar


Fahazoana medaly volamena (p. 5)

**Nisy athleta matoatoa nampidirina, misy vokatra tsy eken'ny Renioney**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Vokatry ny fifanosehana teo Mahamasina (p. 2)

## Tsy nanadino ireo niharam-boina ny filoha Ravalomanana



### Andro pedagojika (p. 6)

## Rava ny tsena fa tsy nomena vola ireo mpampianatra




### Miala Rajoelina (p. 3)

## Mampihaingo ambony tsikoko ny firenena

# J - 11

### Kolontsaina (p. 6)

## Misaona ny tontolon'ny Hiragasy, nodimandry Rapetit



**Arema. Annick Ratsiraka** (p. 2)

**Tafapetraka ny anton-taratasy firotsahan-kofidiany ho Filoha**

**Varotra sy fanjifana** (p. 7)

**Tonga ny « arrivage » ao amin'ny Baolai**

**Daka kely**

Toa nandihy tamin'ny fahorian'ny pokona nareo ry Boaikely a !

VOKATRY NY FIFANOSEHANA TEO MAHAMASINA

# Tsy nanadino ireo niharam-boina ny filoha Ravalomanana

Vokatry ny fifanosehana tao amin'ny fidirana ny kianja Barea Mahamasina ny zoma teo, ka nahafatesana olona 13 ary naharatrana olona hatramin'ny 80, tsy nanadino ireo niharam-boina ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara TIM. Vao nandre ny loza izy sy ny mpiara-miasa aminy akaiky dia nidodododo nijery ireo niharam-boina sy ny fianakaviany tao amin'ny Hopitaly HJRA Ampefiloha ny sabotsy vao maraina lasa teo. Nampahery sy nitondra izay voatsirambin'ny tanana ho an'ny fianakavian'ireo niharam-boina izy nandritra izany, nankahery sy nitondra solondranomboankazo ary nividy fanafody ihany koa ho an'ireo marary mbola notsaboina tao. Amin'ny maha ray aman-dreny azy eto amin'ny firenena, no nanaovan'ny filoha Marc Ravalomanana izao voin-kava-mahatratra izao. Nanotrona azy tamin'izany ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6 avy amin'ny antoko TIM Todisoa Andriamampandry, sy ny mpikambana ao amin'ny birao politikan'ny antoko Julien Andriamorasata.



*Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy amin'ny Hopitaly HJRA ny sabotsy maraina teo.*

***Isambilo***

Collectif des Citoyens d'Origine Malagasy Monde

# Hanaraka ny raharaha Romy Voos mivantana any Londres

*Nandefa taratasy misokatra amin'ny filoha Frantsay Emmanuel Macron, ny Collectif des Citoyens Malagasy, momba ny raharaha Romy Voos izay voasambotra tany Londres :*

Tao aorian'ireo fanazavana tamin'ny haino amanjery Real Tv ny 30 mey lasa teo, sy tamin'ny tambazotran-tserasera dia nampahatsiahy an'ny filoham-pirenena Frantsay sy ireo solontenan'ireo firenen-dehibe miaina izany demokrasia tena izy izany izy ireo, ny 23 aogositra 2023 teo. Nampahatsiahivin'izy ireo ny niandohan'izao fitondrana izao, sy ireo olona voasazy tsy tokony ahazo hilatsaka noho ny accord de Cotonou. Napetrak'izy ireo ihany koa ny tokony hahamailo sy hitsanganan'ireo firenen-dehibe noho ny tsy fanajana ny tany tan-dalàna sy ny fahalalahana miteny. Marihina tokoa, fa ny fandaharana nataon'izy ireo ( Collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde) narahana tao amin'ny Real Tv tamin'ny invité du jour ny 30 mey lasa teo tokoa no fandaharana voalohany nanjavona. Nanaraka avy eo ny an'i Ramatoa Fanirisoa, ny an'ny Solombavambahoaka Fidèle... Araka ny vaovao nampitain'izy ireo dia efa nilaza io tranga io izy ireo ny faran'ny volana jolay teo anivon'ny tompon'andraikitra mikirakira ny fandaharana tao amin'ny Real Tv. Noheverina tokoa mantsy, fa olana ara- teknika mandalo ilay izy tamin'ny voalohany. Iarahantsika mahita sy nijery anefa, fa endrika fanakonana ny marina sy ny fahalalahana miteny ny tena antony. Sesilany tokoa ireo fandaharana, pejy isankarazany nisy nisompatra tao aorian'izay. Noho izany indrindra no nahatonga ity lahatsoratra misokatra nataon'izy ireo ity, satria sangy mihoatra ny loha ary zavadehibe loatra ho an'ny fanjakana tan-dalàna ny seho nitranga farany teo nahavoapaingotra an-dRamatoa talen'ny Kabinetran'ny filoham-pirenena Malagasy Romy Voos Andrianarisoa. Mbola tsy voaheloka izy sy ireo namany, ka mbola ao anatin'ilay hoe voampanga ihany kanefa maro ireo lahatsoratra vahiny miresaka mikasika ny zavatra efa nataon'ny sasany amin'izy ireo tany Afrika, ka mahatonga ity raharaha ity ho iraisam-pirenena. Noho izany indrindra ary no maha zava- dehibe ity lahatsoratra misokatra nalefan' izy ireo ho an'ny fitondrana sy ny filoha Frantsay ity, satria teratany Frantsay koa ireo voarohirohy. Tsiahivina fa amin'ny faha 8 ny volana septambra izao ny fitsarana an'ilay ramatoa tale Kabinetran'ny filoham-pirenena ity any Londres. Ho arahantsika ihany ny tohiny satria ireo Collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde dia hanaraka mivantana izany any an-toerana amin'io raharaha io.



*Ny solontenan'ireo avy amin'ny Collectif des Citoyens Malagasy Monde, avy nanatitra taratasy tao amin'ny lapan'ny filoha Frantsay tany Paris.*

***Nangonin'i Stefa***

TIM Nosy-Be tany Dzamandzary

# Nametraka paikady hahazoana salan'isa ambony amin'ny fifidianana

Nihaona tamin'ireo mpitarika ny antoko TIM any Dzamandzary Nosy-Be faritra Diana ny alahady teo, ireo mpitarika ny antoko TIM any amin'ny Nosy Manitra. Nidina tany Dzamandzary ny mpikambana amin'ny biraon'ny Vehivavy TIM sy ny Tanora TIM Nosy-Be Hell-ville, teo koa ireo TIM zokiny any an-toerana. Ny filohan'ny Vehivavy TIM Clé Audrey no nitarika ny fivoriana, sy nanao tatitra ny fihaonana natao farany tamin'ny 19 aogositra lasa teo, sady nametraka lamina izay hanohizana ny asa izay efa natomboka efa ela, amin'ny fiatrehana ny fifidianana filohampirenena ho avy. Araka ny vaovao voaray, nilamina sady nahafinaritra ny fihaonana, ny tanjona dia ny hahazoana salan'isa ambony ambony amin'ny fifidianana ho an'ny filoha mpanorina ny antoko Marc Ravalomanana. Tao aorian'izao fihaonana izao, hanohy ny fidinana ifotony ny mpitarika TIM ao Dzamandzary, amin'ny fanentanana ny eny anivon'ny fokontany any an-toerana.

***Niaina***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

## Tsy manana ny lenta amin'ny fahaiza-mandamina

Samy manana ny fahitany azy avokoa ny rehetra, nanoloana ny zava-nitranga nampalahelo ny zoma hariva, teny amin'ny vavahadin'ny Kianjan'i Mahamasina, nandritra ny fotoam-panokafana ny Lalaon'ny Nosy. Nilaza ny mpitandro filaminana fa hanao fanadihadiana ny antony nahatonga iny voina lehibe nitranga iny. Ao anaty filazany anefa dia misy mampieritreritra be ihany, fa zary toa manàla ny tena tomponandraikitra amin'izany. N'inona n'inona anefa fanazavana, tsy afa-miàla amin'izany velively ny mpikarakara momba ny fandaminana. Nilaza ny minisitry ny fanatanjahantena, fa efa ho herintaona sy efa-bolana no nanomanana ny fandraisana ny Lalao. Tsy marina anefa izany, fa raha izany tokoa, ampy tsara izany fotoana izany nifantohana tamin'ny lafiny fandaminana ny amin'ny fampidirana olona hiatrika izany. Fa eto dia mitombina hatrany ny nambara teto amin'ny gazety, fa natao alasafay ny fikarakarana, ary mbola hita izany amin'ireo fanamboaran-dalana etsy sy eroa eto an-drenivohitra tanterahina efa ato anatin'izao Lalaon'ny Nosy izao. Midika ho tsy fanaovana matotra ny asa ireny tranga ireny, hatramin'ny asa fanadiovana ny tanàna.

Ny fampidirana ny olona efa tokony iray andro mialoha, fara fahatarany no efa vita kalamina avokoa, ary fantatry ny olona na anisan'ny ho tafiditra izy na tsia. Mazava loatra, fa miainga amin'ny fakàna tapakila izany, na fomba hafa ahafantarana ny isan'ny mpijery. Tsy nisy anefa izany ary tsy natao, fa ny nahamaika ny fiantsoana ny vahoaka hanatrika izany sy ny hoe maimaimpoana ny fidirana. Mazava loatra fa tsy maintsy tonga ny olona. Ny fototry ny voina araka izany dia ny tsy manana ny fahaiza-mandamina sy ny tsy fahaiza-manao zavatra ny fitondrana Rajoelina. Efa mpitranga izany tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Misy hatrany ny lesoka sy olana rehefa mikarakara zavatra. Hita tsara izany, ohatra, tamin'ireo fotoana nisian'ny fihanaky ny valanaretina, ka nampikatso ny fihariana ary nizarana ireo vatsy samihafa hitsinjovana ny sosialim-bahoaka. Misy hatrany ireo sokajin'olona manana olana tao anatin'izany, na mitranga ny korontana toy ny teny Itaosy na toeran-kafa tamin'ireny fotoana ireny. Vao tsy ela ihany koa ny zava-nitranga tamin'ny fotoam-panadinana bakalôrea…

Hoan'ny mpamakafaka sasany, izao fitondrana Rajoelina izao, dia miezaka hatrany tsy mampanjaka ny tsy fahamarinana, ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ity firenena ity. Koa raha mbola izany no mitohy tsy afaka olana ny fitondrana ary iharan'izany hatramin'ny vahoaka. Manan-kasina ity firenena malagasy ity, ka raha tsinontsinoavina izany na indrindra hosihosena dia tsy afaka ny olan'ny fitondrana ary ny manahirana ny saina hiara-hijaly aminy ilay vahoaka malagasy.

***Sôh'son***



*Ny vehivavy sy ny tanora ary ny mpitarika TIM Nosy-Be, tany Dzamandzary.*

Ny Valosoa sy hadihady

## Miala Rajoelina. J- 11

# Mampihaingo ambony tsikoko ny firenena

Inian'izao fitondrana Rajoelina izao haloto ny kianja hilalaovana eo amin'ny fifidianana izay ho hatrehina. Miharihary ny fihetsika mifanesy ataony izay mitondra ho amin'izany ary ahatarafana mazava ny tiany ahatongavana. Mbola manamafy izany ny zava-nitranga ny alakamisy lasa teo tamin'ny fikasan'ny fianakaviamben'ny mpanohitra hanao fanambarana iombonana. Ao anaty efitrano anefa no saika nanatanterahana an'izany, fa dia nosakanana tsotra izao tsy misy fanazavana. Mazava ny fihetsiky ny fitondrana, na maloto aza ny kianja, dia mety aminy; na tsy mazava aza ny lalao amin'ny fifidianana fa miaro paipaika politika maloto, dia tsy olana. Midika izany rehetra izany, fa mbola tsy handeha na tsy hampandehanina amin'ny fahamarinana indray ny fifidianana hotanterahina eto, ary ho ratsy kokoa noho ny tamin'ny taona 2018 aza. Mbola mangeja ny firenena iaina anaty tsy fahamarinana ny filoha Andry Rajoelina sy ny mpiara-dia aminy, soa ihany fa 11 andro sisa: J- 11 dia tokony hametra-pialana ity filoha ambaran'ny maro fa Rainilainga ity, milaza ho demokraty izy ireo, ka heverina fa hanaja izay fametrahampialana izay tokoa raha hirotsaka hofidiana.

Efa nentina tamin'ny lalan-dratsy ny firenena tao anatin'ny 5 taona latsaka izao. Tsy nampiraika na tsy nohenoina velively ny tenin'ny olom-pirenena na ireo avy amin'ny fanoherana nanakiana izany. Nodikaina ny lalàna ary nosihosena ny lalampanorenana, fehezina tsy ho afaka haneho hevitra ankalalahana ny mpanohitra, sns... Nampizorina tamin'ny lalan'ny tany tsy tan-dalàna ny firenena, na dia notakontakonana na nosarontsaronana amin'ny fihetsika sy fiteny nampandry adrisa, ka namitahana izay olona azo nofitahina sy mora fitahina rehetra. Sary maneho izany tsara ny fomba fiasan'ny fitondrana na ny fitondrana foibe na ny eo anivon'ny kaomina Antananarivo renivohitra, amin'ny asa vonjy tavanandro amin'ny fanamboaran-dalana eto an-drenivohitra, sy ny fanakonana ireo fako misavovona toy ny eny amin'ny Petite Vitesse izay takonana gony, na ny asa alasafay amin'ny fanadiovana ireo lakandrano feno fako sy rakotra tsikafonkafona. Izao vao mody mikoropaka, ka hampihaingoana ambony tsikoko ny firenena. Hitan'ny vahiny ampiantranoana avokoa izany, fa tsy tako-afenina intsony. Mazava loatra, fa hitatitra izany any amin'ny firenena niaviany ireo vahiny miatrika ny Lalaon'ny Nosy amin'izao fotoana izao. Hamafisina hatrany, fa mampanahy lalina ny hoavin'ity firenena malagasy ity noho izao fihetsiky ny fitondrana izao. Tsy iadian-kevitra, fa tsy hahasoa na ny firenena na hoan'ny vahoaka malagasy izao ataony izao. Ary milofo mafy amin'ny fametrahana leson-dratsy eto amin'ity firenena ity izy ireo. Izany no lova tiany havela holovain'ny taranaka fara aman-dimby, tsy tokony ho azo ekena intsony izay, soa ihany fa 11 andro sisa dia tokony hiala Rajoelina arak any efa voalaza teo.

***Sôh'son***

Antoko FTM

## Tokony hovana mialohan'ny fifidianana ny HCC

Anisan'ny antoko mijoro eto amin'ny firenena ny antoko FTM, tokony hovana mialohan'ny fifidianana ny HCC, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana hoy izy ireo. Nanatontosa Kongresy teto amin'ny Faritra Analamanga ny sabotsy 26 aogositra teo nanomboka tamin'ny 9ora maraina, ny antoko FTM (Fitiavana Tanin-janako eto Madagasikara), tao amin'ny Espace Dera Tsiadana, no nifamotoana ny mpikambana. Ny fampijoroana tetezamita, mba hialana amin'ny korontana, ka tokony hovaina avokoa ny Andrimpanjakana ary izay mandray anjara amin'izany tsy mahazo milatsaka ho fidiana, hoy ny fanazavana nentin'ny Sekretera Nasionaliny, Njaka Andriantsoa Rakotonandrasana. Rafitra mitanila ny HCC, izay ihany koa no anisan'ny itakian'izy ireo ny handravana izany rafitra izany.

***Stefa***



*Ireo mpitarika ny antoko FTM.*

TONONKALO

## Mba mianara ihany

Mba mianara ihany kajy raha hitondra firenena,
F'efa lasa fihomehezana ary mampanongo tena,
Raha ianao miseho ho babany no mandiso toy ireny,
Ao anatin'ny kabary sy karazan-dahateny !

Noho ianao tsy gasy intsony f'efa hoe frantsay
Dia lelavola sy isan-javatra no afangaro fa tsy hay ?
Tena mahamenatra olona ka ny torohevitray
Dia mijanòna , aza mirotsaka, mipetraha fa aok'izay !

Mba mianara kajy ihany vao mitondra firenena,
Raha tsy izay , aleo mipetraka sady aleo manaja tena.
Raha ny teloambinifolo ampiana enina aza tsy hay
Dia mihevera ry tsy gasy f'efa niofo ho frantsay !

Ny fanentanana eny an-kianja miampy ny fampandihizana,
'Ndeha ireny no tohizo mba ho fanalana vizana .
Raha ireny mantsy ianao dia azo ambara ho tompondaka,
Fa ny ankoatr'izay dia « aotra » sy mahafaka baraka !

***DADAN'i ZINA (26-08-23)***

AREMA. ANNICK RATSIRAKA

## Tafapetraka ny anton-taratasy firotsahan-kofidiany ho Filoha

Tafapetraka ny sabotsy teo ny antotan-taratasy firotsahan-kofidian'i Annick Ratsiraka avy amin'ny antoko Arema. Ny Profesora Ange Andrianarisoa, no nisolotena ny kandidan'ny Arema nanatitra izany teny amin'ny HCC ary notronin'ireo comité directeur sy mpikambana Arema maromaro. Hatreto dia faharoa amin'ireo nanatitra ny antotan-taratasiny i Annick Ratsiraka. Tomombana sy tsy nanano sarotra loatra ny fanangonana ny antotan-taratasy sy ny fanarahana ny pitsompitsony izay takian'ny lalàna amin'ireo taratasy ilaina. Mbola malalaka rahateo ny fotoana hoy ity kandidan'ny Arema ity, ka tsy mampaninona ny manitsy ireo izay pitsompitsony tsakian'ny HCC. Ny fanaterana ny petra-bola na ny « caution » no nasiana fandinihana kely, satria dia nanapa-kevitra ny tsy androtsaka izany ny Arema, noho ny mbola fanahiana ny tsy hisian'ny fifidianana.



*Ny avy amin'ny antoko Arema, nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidian'i Annick Ratsiraka.*

Hoan'ny fikarakarana ny fifidianana indray dia marina fa misy ny ahiahy amin'ny tsy fahadiovan'ny fitantanana ny fifidianana sy ny fisian'ny « doublon », fa izay no antony nanaovana sonia ny « charte de bonne conduite » dia ny fanajana ny filaminana sy ny fandriampahalemana mandritra sy aorian'ny fifidianana.

Nanamafy ny sekretera nasionalin'ny antoko Arema, fa efa vonona amin' ny fiatrehana ny fampielezan-kevitra izy ireo na ny amin'izay enti-manana na ny fitaovana. Efa tsy vahiny amin'ny fitetezamparitra rahateo ireo mpikatroka ao anatin'ity antoko ity, satria tao anatin'ny fitetezam-paritra izay nataon'ny sekretera nasionaly sy ny mpiaradia aminy aza dia efa nahavita nitsidika distrika 92 izy ireo ary mbola ho tohizana izany. Marihina fa tsy mba nandeha fiaramanidina na Angidimby izy ireo nandritra izany, fa tamin'ny alalan'ny fiara avokoa, ka afaka niresaka sy nihaino ny hetahetan'ny vahoaka.

***Isambilo***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fandresena R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe Michel

**Kianjan'i Todisoa Ambatolampy Ambohimanarina, nanolotra omby, ondry, lelavola, kopy kalisy, baolina ireo ekipa nandray anjara tamin'ny fifaninanana baolina kitra, ny depiote Todisoa Andriamampandry ny alahady teo. Nahazo ny anjarany avokoa na ny voalohany, na faharoa, na fahatelo, na ny Séniors na Juniors na ny Vétérans. Marihana fa nandray anjara nilalao ny depiote ary manohana hatrany ny tanora sy ny fanantajahantena.**









**Ny avy amin'ny antoko Arema, nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidian'i Annick Ratsiraka, teny amin'ny HCC Ambohidahy ny sabotsy teo.**









## NY TENY FIAINANA




*"Ny tànan'ny mazoto no hanapaka; fa izay miraviravy tànana dia hampanompoina."*

***Ohabolana 12:24***

### COUPE DE LA CONFÉDÉRATION DE LA CAF 2023/2024

# Tapitra hatreo ny dian'ny Elgeco Plus

Tapitra hatreo indray ny dian'ny solontena Malagasy, Elgeco Plus, amin'ny fiatrehana ny fifaninana baolina kitra Afrikana "Coupe de la Confédération de la CAF 2023", fa lavon'ny ekipan'i Gaborone United Sc Botswanais tamin'ny isa 3-1 tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina, teo amin'ny lalao miverina natao tamin'ny alin'ny alahady 27 aogositra 2023 teo izy ireo, rehefa nandavo 1-0 an-taniny an'ity ekipa Botswanaise ity tamin'ny lalao mandroso andro vitsivitsy lasa izay. Ireo voka-dalao miverina rehetra : Horseed 0 - 3 Arta/Solar7 (cumulé 0-6), Azam 2 – 1 Bahir Dar City (cumulé 3 (3) – 3 (4)), La Passe 2 – 1 Académica Lobito (cumulé 0-6), Al-Merreikh Juba 0 – 0 Haidob en Nahud (cumulé 1-0),Aso Chlef 1 – 0 Insurance Fc (cumulé 1 (3) – 1 (4)), Afad Djékanou 2 – 1 Asc Kara (cumulé 2-1), Soar 3 – 0 Douanes (cumulé 5-2), Stade Malien 4 - 1 Watanga Fc (cumulé 7-2), Assm Elgeco Plus 1 – 3 Gaborone United (cumulé 2-3), Abu Salim 0 - 0 Olympique Beja (cumulé 1-0), Jku 2 – 0 Singida United (cumulé 3-4), Muza 3 – 0 Cano Sport (cumulé 4-1), Al Hilal 4 – 1 Kakamega Homeboyz (cumulé 4-1), Loto 0 – 2 Fus Rabat (cumulé 0-5), Dreams Fc 2 – 1 Milo (cumulé 3-2), Efo 0 – 0 Casa Sport (cumulé 1-1), Belle Lumière 0 – 3 Ferroviario Maputo, Young Buffaloes 0 – 3 Sekhukhune United, Aigle Noir 3 – 0 Hay Al Arab, Fc Kallon 3 – 0 As Douanes (cumulé 5-2).



***Gaborone United Sc Botswana.***

**Rainilita**

### Fahazoana medaly volamena

# Nisy athleta matoatoa nampidirina, misy vokatra tsy eken'ny Renioney

Raha noheverina ho nisiana hetsika goavana mbola tsy nampiseho ampahibemaso teto Madagasikara, tamin'ny nanaovana ny hetsika ara-teknolojika vaovao ilay fanokafana ny Lalaon'ny Nosy andiany faha-11 notanterahina andro alin'ny zoma 25 agositra 2023 tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina dia ny loza vokatry ny fifanosehana teo am-bavahady fidirana an'ity kianja ity ka nahafatesana olona nahatratra 12 hoan'ny isa ofisialy navoakan'ny HJRA, mba tsy ilazana ny isa 13 navoakan'ny fampahalalambaovao hafa hatrany ivelany any sy naharatrana olona maherin'ny 80 isa tany ho any ihany koa, no nisongadina mialoha tamin'ity lanonam-panokafana ity. Teo amin'ny andro voalohan'ny fifaninanana taorianan'io lanonam-panokafana io dia efa nitarika vonjimaika teo amin'ny fahazoana medaly volamena ny Malagasy, izay efa nahazo medaly volamena niisa 21 sahady tamin'io andro io ary nahatratra medaly 37 ny fitambaran'izany niampy ny volafotsy sy alimo ka Randafiarison Rosina teo amin'ny taranja Fibatana fonjamby no Malagasy nahazo medaly volamena voalohany tamin'io andro voalohany io. Mbola nitohy ny firaradraraky ny fahazoana medaly volamena hoan' ny athleta Malagasy tamin'ny andro faharoa nototosaina tamin'ny alahady 27 aogositra 2023, ka niakatra ho 43 indray izany medaly volamena izany ary lasa ho 70 isa ihany koa ny totalin'ireo medaly rehetra azon'ny Malagasy tamin'izany. Filaharana vonjimaikan'ireo firenena mpandray anjara taorianan'ny andro faharoa : 1 -Madagascar (volamena 43, volafotsy 14, alimo 14, fitambarany 71), 2 -La Réunion (volamena 24, volafotsy 19, alimo 13, fitambarany 56), 3 -Maurice (volamena 7, volafotsy 21, alimo 35, fitambarany 63), 4- Maldives (volamena 1, volafotsy 3, alimo 2, fitambarany 6), 5- Seychelles (volamena 0, volafotsy 9, alimo 8, fitambarany 17), 6- Mayotte (volamena 0, volafotsy 4, alimo 6, fitambarany 10), 7- Comores (volamena 0, volafotsy 0, alimo 5, fitambarany 5). Mbola nisongadina tamin'io andro faha-2 io ny taranja fibatana fonjamby izay nitotaly 25 be izao ny fitambaran'ireo medaly volamena azony, teo ihany koa ny nanombohan'ny fifaninanana hazakazaka am-bisikileta ary ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny seho antsehatry ny tanora (dihy sy hira) na ny "Volet Jeunesse" amin'ity Lalaon'ny Nosy andiany faha 11 ity, izay nomarihan'ny tompon'andraikitra fa tsy inona akory izy ity, fa fampihavanana ireo tanora eto amin'ny Ranomasimbe Indianina ary fotoana iray hahafahana mampiseho ny mampiavaka ny kolontsainan' ireo firenena mandray anjara izany. Hisy ireo hetsika dihy, teatra sy hira ho tanterahin'ireo tanora izay hanehon'izy ireo ny mampiavaka ny Nosy nihavin'izy ireo avy. Mikasika ny taekwondo manokana, nanambara ry zareo Renioney, fa nisy ny athleta matoatoa voalaza fa athletan'izy ireo, nefa tsy nisy izany velively tamin'ny delegasiona, ka nisy noho izany ny athleta Malagasy nahazo medaly volamena nefa tsy niady akory.




***Fifaninanana Taekwondo tetsy amin'ny Kianja Mitafon'i Mahamasina.***

**Rainilita**

### Mohamed Salah

# Mety ho lasa mpilalao lafo vidy indrindra any Arabia Saodita



Taorianan'i Karim Benzema, N'Golo Kanté, Fabinho ou Jota dia maniry ny hividy an'ilay mpilalao Egypsiana, Mohamed Salah (31 taona) milalao ao amin'ny ekipan'i Liverpool, izay efa maniry ihany koa hiala ao amin'ity ekipa nilalaovany nandritra ny 6 taona ngarangidina ity, ny any Arabia Saodita. Mba handresehan-dahatra azy dia nampanantena karama be indrindra any amin'ny « championnat saoudien » ny ekipan'i Al Ittihad tompondaka ankehitriny any Arabia Saodita. Tsiahivina fa i Cristiano Ronaldo ankehitriny dia mandray karama 200 tapitrisa euros isan-taona ao amin'ny ekipan'i Al-Nassr any Arabie Saoudite.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Trafonkena sy ravim-boatavo, na trafonkena sy ravina tsirebika indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny ilana ny vitamina B12 amin'ny vatan'olombelona

Ny ilana ny vitamina B12 amin'ny vatan'olombelona indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany : manampy ny amin'ny fitomboan'ny vatana, manampy ny amin'ny fiforonan'ny taova, manampy ny amin'ny famoronana ADN, sy ARN amin'ny vatana. Manampy amin'ny famoronana sela mena sy sela fotsy amin'ny rà. Ilaina ny mihinana sakafo misy vitamine B12 isan'andro, indrindra ny zaza, ny vehivavy bevohoka, ny mampinono. Ireo sakafo ahitana azy :

- Atikena.
- Trondro : Saumon, thon, sardines,…
- Huitre.
-Patsabe.
- Atody.
- Ronono : yaourt, fromage, vokatra avy amin'ny ronono.
-Varimbazaha.



Rehefa tsy ampy vitamine B12 ny olona dia :

- mety ho tratran'ny rarintsaina.
- Fanina matetika.
- Volivoly ny tongotra, ny tanana.
- Reradreraka matetika.
- Mahia.
- Maina ny vava sy ny lela.
- Mifanintona
- Very ny fitadidiana.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ankazotsifantatra distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ankazotsifantatra distrikan'i Mahanoro faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ankazotsifantatra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Mahanoro. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila, ny kafe, ny dipoavatra, ny kanelina. Ny voankazo toy ny letchi, ny manga, ny soanambo, ny ampalibe.



RAHARAHAM-PIRENENA

# Mihantsy ny hisian'ny savorovoro Rajoelina sy ny mpiara-dia aminy

Maro amin'ny vahoaka mpiara-monina raha ny fanadihadiana nataon'ny mpanao gazety no nilaza, fa "Fihantsiana na provocation " mihitsy no kendren'ny mpitondra fanjakana sy ny manodidina azy ireo atao amin'izao fotoana, satria efa mba samy manaja ireo vahiny marobe tonga eto mandray anjara sy manatrika ny Lalaon'ny Nosy ny rehetra, sy ireo mpizahatany manao vakansy eto ireo ny maro ankehitriny, nefa dia mbola ketrehina ho amin'ny korontana foana ve hoy ireo izay nanipy feo tamin'ny gazety, ireny tranga teny Ankatso nataon'ny mpitandro filaminana tamin'ny mpianatra ireny. Ny sehon-javatra teny amin'ny By-Pass, ary indrindra ny fifanosehana teo Mahamasina tamin'ny zoma ireny miampy ny grevy izay mitranga ao amin'ny Antenimierandoholona ao, momba ny karaman'ireo mpiasa, izay tsorina fa fahafaham-baraka goavana eo imasom-bahiny sy ny manerantany mihitsy, dia isan' izay fihantsiana ataon'ny mpitondra amin'ny hisian'ny savorovoro izay. Ny mpitandro filaminana hoy ireo mpanohana mpilalao avy any ivelany sendra ny gazety teny amin'ny Masay sy Ankorondrano Arena iny, no tena manao tandrevaka rehefa misy ny toy ireny, izay hevitra mitovy amin' ny malagasy mpiray monina ihany koa, ka ny zandary foana no voatonona misimisy amin'izany, raha ny lafiny filaminam-bahoaka no jerena, ary ny solombavambahoaka mpiray antoko amin-dRajoelina, no manao teny tsy am-piheverana ihany koa matoa sahy miteny fa olona 4 voakarama no nitarika ny raharaha mampalahelo teny Mahamasima ireny, izay nilazany fa ananany porofo, nefa izy tenany aza tsy nilahatra teny akory dia sahy nilaza fa mpanohitra indray no tao ambadik'izany. Depiote efa zatra miteniteny foana hoy izy ireo.



*Vokatry ny fifanosehana teny Mahamasina ny zoma teo.*

Nanome tsiny ny fitondrana daholo izay rehetra nanipy teny, ka ny filoha Rajoelina no voalohany amin'izany hoy izy ireo, satria na ny fisaonam-pirenena mba ho mariky ny fifankatiavana aza, dia tsy hainy akory ny nanao izany, nefa ireo antoko izay tsy miray dia amin'ny TGV sy Mapar avy hatrany no niantsoantso fa tokony hatao izany, ka tsy diso ihany koa ny sasany raha niteny fa "Mandat 4" no kendren-dRajoelina dia ho lavorary ny firenena, nefa Mandamoka, Mandaginina, Mandapoasy, Mandanderoka,... no efa hita sy mibaribary izao, raha ny fitondran'i Andry Rajoelina..

Tandremo hoy ny rehetra, fa raha ny mpanohitra dia tsy maniry sakoroka na korontana izany, fa ny ao amin'ny fitondrana sy ny mpitandro filaminana mihitsy no efa mikendry zavatra hafahafa, hanimbana ny fotoam-pifidianana, ka ho lasa tetezamiitatra eo no kasain'izy ireo hatao avy eo. Heverina fa tsy misy hanaiky an'izany intsony.

**Beharo**

Kolontsaina

# Misaona ny tontolon'ny Hiragasy, nodimandry Rapetit

Misaona ny tontolon'ny hira gasy eto amintsika, nodimandry ny faran'ny herinandro teo Rapetit, na Rasamimanana Rochel, filohan'ny Fikambananan'ny Mpihiragasy eto Madagasikara.

Tamin'ny taona 1969 izy no nanomboka nisehatra tamin'ny Hiragasy tao amin'ny tarika "Ramilison Andohavary". Ny taona 1980 izy no niditra tao amin'ny tarika "Sahondrafinina Zanany" ary ny taona 1982 no nanomboka namorona hira ho an'io tarika io. Filohan'ny F.M.G.M na Fikambananan'ny Mpihiragasy eto Madagasikara izy, 20 taona izay no nitantanany io fikambanana io, nialohan'izao nahalasanany izao. Ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'(ny fianakaviany.

**Niaina**




*Rasamimanana Rochel, na Rapetit fahavelony.*

Championnats du monde d'athlétisme 2023

# Nahery ny athleta Amerikana

Nifarana tamin'ny alahady 27 aogositra 2023 teo, tao amin'ny "Centre national d'athlétisme" any Budapest Hongria, ny fifaninanana "Championnats du monde d'athlétisme 2023" izay nandraisana athleta niisa 2200 avy amin'ny firenena 202 anjara, nanomboka tamin'ny 19 aogositra 2023. Nahery teo amin'ny fahazoana medaly volamena niisa 12 tamin'ny ankapobeny ry zareo Amerikana. Nahatratra 12 ireo firenena nisalotra medaly volamena 1 avy ary nahatratra 23 ireo tsy nahazo medaly volamena mihitsy. Filaharana farany an'ireo firenena nandray anjara : 1-Etats-Unis (volamena 12, volafotsy 8, alimo 9, fitambarany 29), 2-Canada (volamena 4, volafotsy 2, alimo 0, fitambarany 6), 3- Espagne (volamena 4, volafotsy 1, alimo 0, fitambarany 5), 4-Jamaïque (volamena 3, volafotsy 5, alimo 4, fitambarany 12), 5-Kenya (volamena 3, volafotsy 3, alimo 4, fitambarany 10), 6-Ethiopie (volamena 2, volafotsy 4, valimo 3, fitambarany 9), 7-Grande-Bretagne (volamena 2, volafotsy 3, alimo 5, fitambarany 10), 8-Pays-Bas (volamena 2, volafotsy 2, alimo 2, fitambarany 5), 9-Norvège (volamena 2, volafotsy 1, alimo 1, fitambarany 4), 10-Suède (volamena 2, volafotsy 1, alimo 0, fitambarany 3), 11- Ouganda (volamena 2, volafotsy 0, alimo 0, fitambarany 2).

**Rainilit**



*Mondiaux d'Athlétisme 2023.*

Andro pedagojika

# Rava ny tsena fa tsy nomena vola ireo mpampianatra

Rava ny tsena tany Antsirabe faritra Vakinankaratra, tsy raikitra ny fivoriana saika hatao, satria tsy nomen'ireo tompon'andraikitra ny tokony ho tambim-pivoriana ireo mpampianatra. Fanjakana 0 ariary ara-bakiteny hoy ireo mpanabe tongaz tany an-toerana. Fa fanjakana inona ity ? Nafarana ny mpampianatra avy amin'ny ZAP miisa15 ao Antsirabe II. Hanao JP : Journée Pédagogique, na andro pedagojika, karazana fiofanana. Misy avy amin'ny toerana any amin'ny 80 km miala ao Tsaravavaka Andranomanelatra tokony ho nanaovana io Journée Pédagogique io. Rava anefa izany satria tezitra ireo Mpampianatra an'arivony tonga tao, fa tsy nomena na sakafo, tsy nonerana ny saran-dalany fa 0 ariary tonga tany. Fanambaniana anay sy fanaovana tsinontsinona anay izao hoy ireo Mpampianatra ao Antsirabe II ireo.

**Niaina**



*Ireo mpampianatra tonga tany Andranomanbelatra, nefa nody maina.*

Hetsiky ny mpianatra teny Ankatso

# Efa naverina amin'ireo mpianatra ny ''baffle'' nalain'ireo herim-pamoretana



*Ilay fanamafisampeo nalain'ny mpitandro filaminana teny Ankatso.*

Efa tafaverina any amin'ny fikambanan'ny mpianatra ankehitriny ilay ''baffle'', nalain'ny mpitandro filaminana, herim-pamoretan'ny fitondrana, nandritra ny hetsiky ny mpianatra teny Ankatso ny herinandro lasa teo. Ankoatra ny fakana io fanamafisam-peo nampiasain'ny mpianatra io, mpianatra maromaro no nosamborin'izy ireo nandritra izany. Nandritra ny fisamborana, nisy ny daroka tena naneho habibiana nataon'ireo mpitandro filaminana ireo, ka nanameloka izany avokoa ny maro : na mpanao politika, na olon-tsotra, na fikambanan'ny mpianatra eny amin'ny Anjerimanontolo, na fiarahamonim-pirenena,…

**Niaina**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**26/08/2023 hatramin'ny 02/09/2023**

- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijanahary032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (AndravoahangyAmbony) 020 22 229 95

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1466-08-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### LALANA ANDRAMASINA, AMBOHIMIADANA, ALATSINAINY BAKARO

# Terena handoa vola 50.000 Ar isaky ny fiara ireo mpitatitra

Velon-taraina ireo mpitatitra any amin'ny distrikan'Andramasina faritra Analamanga amin'izao fotoana, fa terena handoa vola hanamboaran-dalana izy ireo. Ny zava-misy anefa, efa nambaran'ny governoran'ny faritra Hery Rasoamaromaka, fa izy no manao ny lalana Andramasina, mankany Ambohimiadana, sy Alatsinainy Bakaro. Ka gaga ny mpitatitra noho izany, fa teren'ny filohana kaoperativa sasany handoa vola 50.000 Ar isaka fiara ny mpitatitra any an-toerana. Arakan y fanambarana nataon'ireo mpitatitra ireo :''sao dia mba tsy rariny. Maninona raha hajanona rehefa tsy vita, fa tsy ny taxi- brousse no terena hanome vola. Raha lalana hateza moa ka haninona , fa mbola mety ho ratsy nohon'ny teo aloha io amin'ny fahavaratra , raha hoe io no atao amin'izao. Sao dia ianareo mitaky vola ireo no hamaharan'ny olona raha tonga ny fahavaratra, ka misy ny faharatsian-dalana ka hoe andao hanambatra vola hanamboaran-dalana, na hoe hanambotra lalana ho an'ny taxi- brousse, sns... sanatriavina izany, sa faly ny hitango volambahoaka fotsiny fa tsy mandinika ny mety ho tohiny? Tandremo fa betsaka no manaraka akaiky fa tsy avelanay ho verivery fotsiny ny vola terenareo anaovanareo antsojay amin'ireo taxi- brousse ireo a ! Ary rehefa maka vola ianareo dia asio reçu mba ho archives, fa ny vahoaka no manao ny lalana fa fanampiana ny an'ny fanjakana, aiza izany ny tamberimbidin'ireo hetra aloa, patanty,… ireny, no lalana io dia anerenareo taxi-brousse ? angaha tsy voadinika mialoha vao nanomboka ? na tsy nanambara hoe governora no manao ny lalana fa natao ny vahoakan'ny distrika. Dia manana adidy ny rehetra amin'izay.''

***Aly***



***Lalana any amin'ny distrikan'Andramasina.***

Varotra sy fanjifana

# Tonga ny « arrivage » ao amin'ny Tranombarotra Baolai

Amin' ny vanim-potoana toy izao, dia manavao ny tolotra omeny ny orinasa tsy miankina eto amintsika. Anisan' izany ny Tranombarotra «Baolai » etsy Soarano, Analakely sy Bazar - be Toamasina. « Maro be ny entana vaovao loha- laharana amin' ny kalitao hita ato



***Entana vaovao vao tonga ao amin'ny Tranombarotra Baolai.***


aminay. Ao ny fahitalavitra fisaka marika « Toshiba », izay ahitana manomboka 32 hatramin' ny 75 pouces, » hoy ny tompon' andraikitra. Mbola misy koa ny mini-radio baffle bluetooth solaire, Laser Tv 120" (misy antoka 1 taona ), synthétiseur, machine à laver transparent, subwoofer, congélateur (mitazona hatsiaka 135 ora aorinan' ny delestazy) , four à gaz sy elektrika, panneaux solaires mono sy polychristallins : izay ilaina tokoa amin' izao fotoana izao, table de mixage, climatiseur, machine à café à capsule, « Mbola mitohy ilay fihenambidy goavambe amin' ireo Smart Tv sy Télé Led ato aminay, misy manomboka 32 hatramin' ny 85 pouces ary ny laser tv 100 pouces (misy antoka 1 taona ), izany dia mandrapahatapitry ny staoky,» hoy hatrany ny tompon' andraikitra. Ny fanazavana fanampiny , dia ho azo ao amin' ny « site web » sy pejy fb: baolai ary ao amin'ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia ho maro loko tokoa ity volana septambra vao higadona ity miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».

***Aly***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 442**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0441)

***Mitsivalana***
- Bibilava
- Loza (miv) – siv(y)
- Raraka
- BV
- Antitra
- Ireo – ST
- Mafy (miv) – Fia

***Mitsangana***
- Barea
- Iza – Nif(y)
- Boritra
- Ila – Mey (miv)
- Koto
- Asa
- Vy – Basy
- Vava (miv) – Ta

## TENY MIFANAPAKA N° 442




**Mitsivalana**

**1.** Toeram-pamokarana **2.** Naoty – Haingo mihaja **3.** Voaray – Làlam-pirenena **4.** Fiandohan'ny rivotra – Tapakila mahazo loka **5.** Miaraka amin'ny fanoto (miv) – Enti-milaza **6.** Manome, manolotra vola – Paositra Malagasy **7.** Manazava ny tranonay **8.** Olo-masina – Tovona (miv) **9.** Ohatra – Tsofoka fanitarana – Omby **10.** Asehonay eny ivelany

**Mitsangana**

**A.** Voamaina **B.** Alina – Hekitara **D.** Alindrano **E.** Isa Romana – Tsarovy **F.** Nomena **G.** Faran-teny – Entina manontany (miv) **H.** Maharitra – Hatsiaka **I.** Solfa – Teny ratsy – Hita amin'ny trano sy tany **J.** Litera tsy mitovy – Ilaina, irina **K.** Seho (miv) – Kila firehitra

## Valiny Teny mifanaraka 0441

**Mitsivalana**

**1.** Fanomezana **2.** Osy - Inona **3.** Katolika **4.** Akany - MD **5.** Nay - Maody **6.** Ianao (miv) - Lahy **7.** Naoty **8.** Alimo (miv) - Nino **9.** Nono - Fa - Ar **10.** Ara - Zo - Ony

**Mitsangana**

**A** Fokonolona **B.** Asa - AA - Mor(a) **D.** Nitaingina **E.** OK - Lo **F.** Milamina **G.** Enina - Fo **H.** Zokiolona **I.** Ana - Daty **J.** Na - Mihinan(a) **K.** TD - Ory

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny filoha Marc Ravalomanana tetsy amin'ny HJRA Ampefiloha ny sabotsy teo, nitondra izay voatsirambin'ny tanana ho an'ireo niharam-boina, noho ny fifanosehana teo Mahamasina ny zoma teo.**















